# Mitia, mizara, manasa

## Mitia

Jaona 13:34–35; Môzià 18:20–22; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 12:7–9; 121:41–42

Nampianatra izao ny Loholona Gary E. Stevenson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



Isaky ny maneho fitiavana tahaka ny an'i Kristy amin'ny namantsika isika dia mitory ny filazantsara, na dia tsy miloaka teny iray akory aza.

Ny fitiavana ny hafa no fanehoana am-bava an'ilay didy lehibe faharoa hoe tia ny namantsika. Izany dia mampiseho ny dingan'ny fanadiovan'ny Fanahy Masina miasa ao anatin'ny fanahintsika. Amin'ny alalan'ny fanehoana ny fitiavan'i Kristy ny hafa, dia mety hahatonga an'ireo izay mahita ny asa tsara ataontsika "hankalaza ny Rain[tsika] Izay any an-danitra" isika [Matio 5:16]. (Gary E. Stevenson, "Mitia, mizara, manasa," *Liahona*, mey 2022, 85)

## Mizara

2 Nefia 2:6–8; Môzià 28:1–3; Almà 31:5; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 60:2

Nampianatra izao ny Loholona Dieter F. Uchtdorf ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



Raha misy olona manontany anareo momba ny faran'ny herinandronao dia aza mihambahamba miresaka momba ny zavatra niainanao tany am-mpiangonana. Tantarao ny momba ireo zaza madinika izay mijoro eo anoloan'ny daholobe ka mihira amin'ny fo ny amin'ny fiezahan'izy ireo ho toa an'i Jesoa. Resaho ny momba ireo andian-jatovo izay mandany fotoana manampy ireo beantitra any amin'ny trano fikakarakarana ny beantitra mba hanambatra ny tantaram-pianan'izy ireo. . . .

Na inona na inona fomba tsotra sy mandeha ho azy aminao dia zarao amin'ny hafa ny antony mampanan-danja an'i Jesoa Kristy sy ny Fiangonany aminao. (Dieter F. Uchtdorf, "Asa fitoriana: Mizara ny zavatra tena inoana sy tsapanao," *Liahona*, mey 2019, 17)

## Manasa

Jaona 1:35–46; 4:28–30, 39–41; Almà 5:62; Môrônia 10:3–5

Nampianatra izao ny Loholona Gary E. Stevenson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



Misy fanasana an-jatony azontsika atolotra ny hafa. Afaka manasa ny hafa isika mba "ho avy ka hahita" ny fivoriana fanasan'ny Tompo, ny fiaraha-mientan'ny paroasy, ny horonan-tsary an-jotra izay manazava ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Ny "ho avy ka hahita" dia mety ho fanasana hamaky ny Bokin'i Môrmôna na hitsidika tempoly vaovao mandritra ny varavarana misokatra alohan'ny fanokanana izany. Indraindray, ny fanasana dia zavatra ataontsika ao anatintsika, fanasana ho an'ny tenantsika, manome antsika fahatsapana sy fahitana ireo fahafahana azo araraotina manodidina antsika, mba handraisantsika andraikitra eo anatrehan'izany. (Gary E. Stevenson, "Mitia, mizara, manasa," *Liahona*, mey 2022, 86)

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_602-1